



NY ANJARA TOERAN'NY VAVAKA AO ANATIN'NY LITORJIANTSIKA FPMA (LA PLACE DE LA PRIÈRE DANS LA LITURGIE DE LA FPMA)

2. NY VAVAKA FIFONANA na VAVAKA FIAIKEN-KELOKA (PRIERE DE REPENTANCE/CONFESSION DES PECHES)

Ampahatsiaroviko kely eto am-panombohana fa raha nametraka ny toeran'ny Vavaka fanatonana ao anatin'ny Fandaharana amin'ny Litorjiantsika FPMA aho dia hoy ny nambarako tamin'izay :

- « Ny Fiangonana kristiana sasany dia mampianatra sy mampahatsiaro fa tsy manana fahamendrehana isika olombelona hanatona an'Andriamanitra, noho ny fahotantsika. Miainga avy amin'ny traikefa notahafina tamin'ny mpanompon'Andriamanitra sasany voalazan'ny baiboly izany: *Salamo 1, 5 ; Isaia 6, 5 ; Lioka 5, 8*. Noho izany, **ny vavaka voalohany atao ao anatin'ny Litorjia dia Vavaka fifonana sy fangatahana famelan-keleka avy amin'Andriamanitra.**

- Ny Fiangonana kristiana sasany dia mampianatra indray fa fampahatsiarovana ny vahoakan'Andriamanitra ny fanatrehan'Andriamanitra azy ireo no omen-danja, koa fisaorana sy fiderana an'Andriamanitra no hatao ao amin'ny Vavaka fanatonana.

... Isika FPMA dia Fiangonana Miray (sady Loterana isika no Réformé), koa ny Litorjiantsika dia mampivondrona ny foto-kevitra amin'ny Loterana sy Réformé. **Raha eo amin'ny Vavaka Fihaonana dia mirona kokoa amin'ny endrika faharoa amin'ny voalaza etsy aloha isika ».**

Hiresaka momba ny VAVAKA FIFONANA (na FIBEBAHANA no marina kokoa) isika anio. Raha ampifampitohizana amin'izay voalaza izay, rehefa narafitra ny Litorjiantsika FPMA, rehefa avy manao Vavaka fanatonana isika dia nakekezintsika indray ny fomban'ny Loterana araka ny foto-kevitra arahiny : *Tsy mba misy fanambarana Lalàna na ny Sitrapon'Andriamanitra aorian'ny fihaonana amin'Andriamanitra satria voarakitra ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, na ny voasoratra hovakina na ny Toriteny, izany. Aorian'ny Vavaka fifonana/fanatonana dia fanambarana ny Fahasoavana na ny Famelan-keleka avy hatrany. Niainga tamin'ny fironam-panahy (sensibilité religieuse) tsaroantsika kristiana malagasy amin'ny ankapobeny dia tsy mety ny fo amam-panahintsika raha tsy mifona sy manetry tena eo anatrehan'Andriamanitra rehefa tafahaona Aminy.* Koa izany no nandrafetana tamintsika FPMA ny Vavaka Fieken-keleka manaraka ny Vavaka fihaonana avy hatrany. Elanelanin'ny *Feon-java-maneno* hahafahan'ny tratra aoriana miditra sy maka toerana ireo vavaka roa ireo. Natao ho elanelam-panahy hanampiana ny vahoakan'Andriamanitra sasany amintsika izany. Fa hoy mantsy ny fanamarihan'ny teôlôjiana frantsay iray, **Jean RENNES**, izay efa niasa tany Madagasikara ary

Talen'ny Toeram-panomanana Mpitandrina tany Ambatomanga : « Ny tonga tratra aoriana ao amin'ny fanompoam-pivavahana ao am-piangonana dia tsy vitan'ny hoe manelingelina ireo efa mivavaka ao ihany. Fa fanamelohan-tena tsy ho afa-manaraka tsara ny Litorjia izany, satria tsy afaka « mitsofoka » ao anatin'izany litorjia izany amin'izay fotoana itiavantsika azy fotsiny isika. Tsy misy dikany akory raha ny antsasaky ny Lalàna ihany na ny faran'izany monja no sisa renesintsika! Tsy misy dikany mihitsy raha mihaino ny Teny famelan-keloka atolotr'Andriamanitra antsika nefa tsy nibebaka niaiky heloka akory! Ary tsy misy dikany raha mihaino ny Lalànan'Andriamanitra (sitrapon'Andriamanitra), na ny fampanantenana omeny, na mivavaka Aminy akory aza raha toa ka mbola tsy nihaona taminy sy nanatona Azy isika » (« *Arriver en retard, ce n'est pas seulement déranger ceux qui sont déjà recueillis. C'est se condamner à suivre mal la liturgie parce qu'on ne peut pas « s'y introduire » à n'importe quel moment. Cela n'a pas de sens de n'entendre que la moitié de la Loi, ou seulement le dernier commandement ! Cela n'a pas de sens d'écouter les promesses de grâce si l'on n'a pas d'abord confessé ses péchés ! Et cela n'a pas de sens d'écouter la Loi de Dieu, ou Ses promesses, ou de Le prier, si l'on n'a pas d'abord invoqué Sa présence.* »)¹ Tena ao anatin'ny fiainam-bavaka tanteraka, ny fahatongavana amim-panajana ny fotoana ifanomezana mba hihaonana amin'Andriamanitra sy hanompo Azy.

Fa tsara ihany aloha raha hoesahintsika kely, na dia tsy ato anatin'ny fandaharam-pianarantsika amin'izao fandalinam-pinoana izao aza (satria tsy ny Litorjia no halalinintsika), ny anton'ny ametrhana ny « SITRAPON'ANDRIAMANITRA » na ny « LALAN'ANDRIAMANITRA » ao anatin'ny Litorjia. **Ny foto-kevitra nametrhana ny Lalàna na ny Sitrapon'Andriamanitra ao anaty Litorjia dia satria Andriamanitra manana ny hajany sy ny hasiny (Dieu Souverain) ny Andriamanitra inoantsika, ary Andriamanitra masina Izy ka tsy mankasitraka ny tsy fahamasinana eo amin'izay rehetra manatona Azy : «Aoka ho masina ianareo, satria masina Aho, Tompo Andriamanitrareo» Levitikosy 19, 2; ampitahao 20, 7. Rehefa mametraka ao anaty Litorjia ny Sitrapon'Andriamanitra na ny Lalàn'Andriamanitra izy, **ny mahazatra ny Fiangonana Protestanta Réformées** rehetra dia **tsy miovaova fa ny Didy folo (Eksodosy 20) na ny famintinana ireo Didy (Matio 22, 37-40)** no ambara amin'izany. **Ho antsika FPMA dia nomena fahalalahana ny Mpitarika ny fanompoam-pivavahana hifidy izay teny ao amin'ny Soratra Masina heveriny fa azo hanambarana ny sitrapon'Andriamanitra, ka matetika ampifanarahiny amin'ny Foto-kevitra ny Teny hotorina izany.** Teo amin'ny Réformées dia napetraka mazava tsara, ho foto-kevitra, mialoha ny hilazana ny Didy folo na ny Famintinana ny Didy ny hoe : « Izaho no Tompo Andriamanitrareo izay nitondra anareo nivoaka avy tany Egypta, tamin'ny trano nanandevozana » Eksodosy 20, 1. Andriamanitra nanafaka ny olony (Dieu qui délivre son peuple) no manome ny Didy.** Noafahana tamin'ny fanandevozan'ny Egyptiana sy ny fanompoan-tsampy ny vahoakan'Andriamanitra vao nomeny ny Didy, midika hoe **ny olona afaka ihany no tena afaka manao ny sitrapon'Andriamanitra sy manaja ny Didiny.** Noraisintsika Kristiana koa io foto-kevitra io, ka efa noafahana ary «ao amin'i Jesoa Kristy» isika (1 Korintiana 7, 22) no antsoina hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra : «Efa nantsoina ho amin'ny fahafahana anareo, ry rahalahy ; kanefa aoka **tsy ho entinareo hanaraka ny nofo** izany fahafahana izany, fa **mifanompoa amin'ny fitiavana** » Galatiana 5, 13. Notsipihiko ny hoe « tsy ho entinareo hanaraka ny nofo », midika ho ilay fahamasinana takian'Andriamanitra izany ; ary ny « mifanompoa amin'ny fitiavana » dia ny **fitiavana ny namana tahaka ny tena takian'ny Didy** lehibe

¹ RENNES, Jean, La Liturgie du Culte Protestant : Sa Signification, collection : La Foi protestante, Valence, 1944, p. 12

faharoa nampahatsiarovin'ny Tompo Jesoa. Heveriko araka izay fanazavana izay, fa ***tsy hoe noho ny fironam-panahy eo amintsika malagasy fotsiny no nahatonga ny fametrahantsika FPMA ny Vavaka fifonana alohan'ny fanambarana ny sitrapon'Andriamanitra fa misy foto-kevitra teôlôjika araka izay nohazavaina tamintsika izay.*** Fa maro amintsika no zatra manaraka ny fomban'ny Réformées, kanefa ***mila hazavaina ho fantatry ny vahoakan'Andriamanitra tsara ny anton'ny Fanambarana ny Sitrapon'Andriamanitra na ny Lalànan'Andriamanitra ao anaty Litorjia.***

Fa andeha hiverenantsika amin'izay ny fandalinana ny VAVAKA FIFONANA (FIBEBAHANA) na VAVAKA FIEKEN-KELOKA. Hojerentsika amin'izany ny hoe :

- Inona moa ny Vavaka fifonana na Vavaka fieken-keloka ?
- Ahoana no tokony ho endriky ny Vavaka Fifonana na Vavaka Fieken-keloka ?
- Inona no votoatin'ny Vavaka fifonana na Fieken-keloka ? Hojerentsika miainga amin'ny ohatra nalaina avy ao amin'ny Soratra Masina sy Vavaka fanao hatramin'ny ela eo amintsika Protestanta izany, ary misy Vavaka nalaina mba hatao ho ohatra avy amin'ny fanaon'ny Fiangonana Protestanta sasany ankehitriny.

2. 1. INONA MOA NY VAVAKA FIFONANA na VAVAKA FIEKEN-KELOKA ?

« QU'EST-CE QUE LA PRIERE DE REPENTANCE ? »

Ny Vavaka fifonana na Vavaka fieken-keloka dia tonombavaka tononina eo anatrehan'Andriamanitra avy ao am-pon'ny olona rehefa mahatsiaro tena izy fa mpanota ary mila famonjena. Tsy vavaka tsianjery ny vavaka fifonana, izany hoe, tsy eo imolotra fotsiny tononina toy ny tsianjery, fa **vavaka fibebahana ataon'ny olona mahatsiaro tena (conscient) ary efa nandinika ny tenany mialoha ny hanatonany an'Andriamanitra.** Fantany tsara fa **tsy mahavonjy tena izy, koa mila mpamonjy azy.** Mila ho lasa fahazarana tononin'ny sasany isaky ny mivavaka mantsy ny hoe «mamelà ny helokay fa mpanota tsy mendrika izahay», kanefa moa ve tena mahatsiaro izany ao am-po tokoa ilay mivavaka sa toy ny formule fotsiny izany ? Fa matanjaka koa etsy andanin' izany ao amin'ny kolotsaina Malagasy ny tahotra ny « tsiny » izay mivoy fahatsiarovantena maharitra ho diso (sentiment de culpabilité permanent). Mety mahavita mifona ihany ny olona mahatsiaro fahadisoana, kanefa tsy tena miaiky heloka (fa mba tsy hisian'ny romoromo eo amin'ny fiaraha-monina, fotsiny, ohatra), ary mety hiseho ho toy ny mibebaka marina ny olona mahalala ny fahadisoany, kanefa mbola matoky tena sy te hanamarin-tena ihany ary mieritreritra ny hanilika ny nahavao azy amin'ny hafa. **Fa tsy azo oharina velively amin'ny fanenenana fotsiny ny vavaka fifonana** (hoy ny ohabolantsika malagasy, hoe : «ny nenina tsy tonga mba hananatra fa avy mba handatsa»), na fitsetserana fotsiny tsakotsakoin'ny feon'ny fieritreretana, na hadisoam-panantenana noho ny tsy fahombiazana tamin'izay nokasaina hatao ka mitondra ho amin'ny famoizam-po. **Tsy azo ampifangaroina ny fahadisoana noho ny lalànan'ny fiaraha-monina (faute) sy ny fisarahana amin'Andriamanitra noho ny tsy fanatanterahana ny sitrapony sy tsy fanajana Azy (péché) .** Tsy ilaina akory sady tsy mahasoa ny vavaka fifonana sy fibebahana raha tsy tena resy lahatra ilay olona, mahafantatra tsara ny hevitra ny fahotana sy ny ho vokatr'izany (le sens des péchés et ses conséquences), koa mila fanafahana izy kanefa tsy ny herin'ny tenany no hanafaka azy fa mila Mpamonjy izy ka miangavy mafy sy mitalaho mba hovanjena ary vonona hiova rehefa amboarin'Andriamanitra.

☛ **Ny toetra (aspect) tokony ho tsaroana voalohany** raha hanao vavaka fifonana fibebahana sy fieken-keloka, araka izany, dia ny **fanekena fa mpanota isika rehetra** (*le premier aspect d'une prière de repentance, c'est de comprendre que nous sommes tous pécheurs*). **Olona teraka tamin'ny ota isika, ary malaky mivily hanao ratsy** (*Salamo 51, 4-5*). Milaza mazava ihany koa ny *Romana 3, 9-10*, hoe : « fa efa

voalazantsika rahateo ho mpanota avokoa na ny jiosy na ny jentilisa ; araka ny voasoratra hoe : Tsy misy marina na dia iray akory aza ». Tsy fahamarinana araka ny fitsarantsika olombelona izany (*dikaiôs*, hoy ny teny grika), fa fahamarinana (*aletheia*, hoy ny teny grika) araka izay takian'Andriamanitra amintsika. **Ambaran'ny Tenin'Andriamanitra fa mpanota avokoa isika rehetra ka miandry sy mangataka ny famindrampon'Andriamanitra hamonjy antsika sy hanavao antsika amin'ny Fanahy Masina omeny antsika amin'ny alalan'i Jesoa Kristy, ka hanamarina antsika amin'ny fahasovan'Andriamanitra irery ihany (*Titosy 3, 5-7*).** Raha ny fahotantsika dia tokony ho voaozona isika ary **mendrika ny famaizana avy amin'Andriamanitra isika rehetra** (À cause de nos péchés, nous méritons tous une punition éternelle). Mazava ny tenin'ny Tompo momba izany, araka ny *Matio 25, 41,46* : « Ary dia hilaza indray amin'izay eo ankaviany kosa Izy hoe : "Mialà ianareo izay voaozona, ho any amin'ny afo maharitra mandrakizay, izay voavoatra ho an'ny devoly sy ny anjelin'ny... ary ireo dia hiala ho any amin'ny fampijaliana mandrakizay ; fa ny marina ho any ami'ny fiainana mandrakizay ». Ny vavaka fifonana sy fibebahana dia fitalahoana ny famindrampon'Andriamanitra mba tsy hiharan'ny fitsarana isika fa hiantràn'ny sy hamindràn'ny fo. Hataka mafy atao mba tsy ho ny fahatezeran'Andriamanitra no hampihariny amintsika, fa ny famindrampony noho ny fitiavany raha tena miverina Aminy marina tokoa isika, dia tahaka ilay Zanaka adala (na Zaza nania) voalazan'ny fanoharana nataon'ny Tompo Jesoa Kristy (*Lioka 15, 21*).

☛ Ny zavatra faharoa tokony ho tsaroana amin'ny Vavaka fifonana fibebahana na Fieken-keloka eo anatrehan'Andriamanitra dia ny **fanekena fa Andriamanitra irery ihany no afaka hamonjy antsika, hanamarina antsika ao amin'i Kristy, ka manao izay tsy hahavery antsika mpanota tokony ho very, fa efa manao mandrakariva izay hiverenantsika Aminy Izy** (Le deuxième aspect de la prière de repentance, c'est de reconnaître ce que Dieu a fait pour remédier à notre situation de pécheurs perdus). Ny tenin'Andriamanitra dia milaza mazava izany, araka ny *Jaona 3, 16* : «Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao ; nomeny ny Zanani-lahy tokana, mba tsy ho faty izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay ». Nanaiky hitafy nofo ka tonga olombelona hamonjy antsika Andriamanitra : «Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra... Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika...» *Jaona 1, 1,14a*. Voalazan'ny Soratra masina mazava tsara koa fa nampianatra antsika ny marina momba an'Andriamanitra i Jesoa Kristy, voarakitry ny teniny namaly ireo jiosy niady hevitra tamin'ny fony izy nampianatra tao amin'ny tempoly, araka ny *Jaona 8, 46-47*, hoe : «Iza moa aminareo no mampiseho Ahy ho nanota ? Raha ny marina no lazaiko, nahoana ianareo no tsy mino Ahy ? Izay avy amin'Andriamanitra dia mihaino ny tenin'Andriamanitra ; izany no tsy ihainoanareo, satria tsy mba avy amin'Andriamanitra ianareo ». Ary naseho fa niaina tonga lafatra sy tsy nisy ota Izy, araka ny voalazan'ny apôstôly Paoly, hoe : «Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao Aminy kosa isika» *2 Korintiana 5, 21* (midika ho fahamarinana araka ny fitsarana, *dikaïosunê = justice*). **Aharihary ny fitiavan'Andriamanitra antsika nahatonga Azy hamonjy antsika, fa nomeny Jesoa Kristy hizaka ny fanamelohana tokony ho nahatra tamintsika** : «Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika dia maty hamonjy antsika Kristy» *Romana 5, 8*. Maty sy nitsangana tamin'ny maty Kristy ka nandresy ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita, koa noho izany dia **azon'Andriamanitra atao tsara ny mamela heloka antsika sy manome ho antsika fampanantenana ny amin'ny fiainana mandrakizay, raha mino isika ka mametraka ny fiainantsika ao amin'i Jesoa Kristy** (vakio *Kolosiana 2, 15*; *1 Korintiana 15*). Ny hany takian'Andriamanitra amintsika, raha mibebaka marina sy miverina Aminy tokoa isika mitalaho ny famonjy, dia ny finoana fa efa maty nisolo antsika Kristy ary nitsangana tamin'ny maty : «Satria raha manaiky an'i Jesoa amin'ny vavanao ianao, ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovanjena ianao. Fa amin'ny fo no inoana hahazoana fahamarinana, ary amin'ny vava no anekena hahazoana

famonjena » Romana 10, 9-10. Fahasoavana irery ihany no amonjen'Andriamanitra antsika, ary amin'ny finoana, araka ny Efesiana 2, 8-9, hoe : «Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana ; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra ; tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha. »

2. 2. AHOANA NO TOKONY HO ENDRIKY (FORME) NY VAVAKA FIFONANA SY FIBEBAHANA na VAVAKA FIEKEN-KELOKA ?

⇒ Ny Vavaka fifonana na fibebahana dia **fomba iray hiresahana amin'Andriamanitra ka hanambarana Aminy fa mametraka ny fiainantsika eo ambany fiarovan'i Jesoa Kristy isika, miaiky fa nania sy diso tamin'ny fihetsika sy fiteny ary fisainantsika ka tafasaraka tamin'Andriamanitra, fa miverina Aminy ka mangataka mba hamindràny fo sy havelany heloka.** Mila soritana mazava tsara kanefa aloha fa ny vavaka fifonana fibebahana ao anatin'ny Litorjia no halalinantsika eto anio. Ny Mpitarika dia tsy mitondra ny an'ny tenany manokana eo anatrehan'Andriamanitra (na misy tsaroany manokana ny amin'ny tenany aza eo am-pivavahana), fa mitondra ny tenin'ny vahoakan'Andriamanitra manontolo miara-mivavaka izy. Tsy misy mihitsy teny manan-kery ho azy (mots « magiques ») mety hitondra antsika ho amin'ny famonjena, fa **ny finoana fa maty ho antsika Jesoa Kristy ary efa nitsangana tamin'ny maty, izany ihany no hahazoantsika ny famonjena.** Tsy maintsy resy lahatra amin'ny fonsika tokoa isika fa mpanota ka **mibebaka ary mangataka famindrampo, noho ny finoantsika an'i Jesoa Kristy.** Miaiky isika ka mibaboka amin'Andriamanitra, araka ny hevitr'izao tokony ho fiekena manaraka izao, hoe : «Ekeko sy fantatro fa mpanota aho, Andriamanitra ô. Ekeko fa tokony hizaka ny fanamelohana aho noho ny nanotako, ary fantatro fa mitambesatra amiko ny vokatry ny heloko. Mino aho kanefa fa Jesoa no Mpamonjy ahy. Mino aho fa maty noho ny fahotako Izy, ary efa nitsangana tamin'ny maty ka nandresy ilay Fahavalo, ho ahy sy mba hamelanao ny heloko. Mino an'i Jesoa Kristy aho ! Jesoa Kristy irery no Mpamonjy ahy ! Misaotra Anao aho noho ny famindrampona amiko sy ny famelanao ny heloko !» **Tsy modelin'ny vavaka fifonana akory izay nomena izay, fa milaza kosa ny toe-po sy endriky ny toe-panahy entintsika eo amin'ny fanatonantsika an'Andriamanitra.**

⇒ **Tsy tahaka ny « Fivalozana » (Konfesy) fanaon'ny havantsika katolika eo anatrehan'ny Pretra ny Vavaka fifonana sy fibebahana.** Araka ny fomban'ny Fiangonana katolika Romana mantsy dia misy «rafiteny» (formule) arahina amin'izany «sakramentan'ny Fivalozana» izany, ka aorian'ny «fivalozana» dia manome «sazy» na «asa efaina mba ho fanarenana ny fahadisoana» (œuvres de pénitence) ny Pretra, dia manolotra ny «famotsorana» (absolution) izy avy eo, koa dia vita hatreo iny. Fa amintsika kristiana protestanta kosa, isaky ny mahatsiaro isika, raha vao manomboka ny fanompoam-pivavahana ao am-piangonana, fa mihaona amin'Andriamanitra tokoa dia mahatsapa ny tsy fahamendrehantsika. **Tsy zava-doza nitranga tampotampoka tsy nampoizina teo amin'ny fiainantsika («accidents») akory ny fandavantsika ny sitrapon'Andriamanitra sy nanaovantsika izay tsy mendrika sy tsy tokony ho natao, fa tena niainga avy amin'ny toetra (*état*) maha-mpanota antsika mihitsy izany. Fahasimbana sy fahalovana tanteraka (*corruption profonde*) eo amin'ny maha-isika antsika (*de toute notre être*) no entintsika hodiovina ka aboraka eo anatrehan'Andriamanitra. Amim-panetren-tena no hanaovana izany, tahaka ny nataon'ilay mpamory hetra namberan'ny Tompo tamin'ny fanoharana nataony, araka ny Lioka 18, 10: «Fa ilay mpamory hetra kosa nijanona teny lavitra teny, sady tsy nety niandrindra ny lanitra akory, fa niteha-tratra ka nanao hoe : Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko mpanota». **Tsy teny lava fitanisana ny fahotana rehetra nataontsika akory (énumération) no ilaina ambara ao amin'ny Vavaka fifonana sy fibebahana. Ny fahaiza-mamintina ny tiana ambara (sobriété), ny fahatsorana eo amin'ny filazan-javatra dia ampy ampiasaintsika hiaikena eo anatrehan'Andriamanitra.** Tsy mety tena afaka hahatsiaro ny fahadisoantsika ary hibebaka marina mantsy isika, noho ny fahalementsika amin'ny**

maha olombelona, fa mangataka amin'Andriamanitra mba homeny ny fanampian'ny Fanahiny Masina, hahatonga fahatsiarovantena tokoa, ary hanomezany ho antsika ny vokatry ny fahamarinana sy ny fahamasinana (fruits de justice et de sainteté): «Ny Fanahy no mamonjy ny fahalementsika, satria tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika. Fa ny Fanahy no mangataka ho antsika amin'ny fitarainana tsy hay tononina. Ary Ilay mandinika ny fo no mahalala izay hevitra ny Fanahy, satria araka an'Andriamanitra ny fifonany ho an'ny olona masina » *Romana 8, 26-27*. **Izany rehetra izany dia angatahintsika amin'ny anaran'i Jesoa Kristy**, ilay hany Tokana azo antoka fa haneken'Andriamanitra hihaino antsika sy hamela ny fahadisoantsika.

☞ **Misy endriky ny fandraisan'ny vahoakan'Andriamanitra anjara aseho ao anatin'ny Vavaka fifonana sy fibebahana.** Efa fanaon'ny Fiangonana hatrany aloha izany, toy ny fisian'ny valinteny (respons) hita eo amin'ny Salamo. Ny fiarahan'ny vahoaka miredona mamaly, aorian'ny fanambarana Tenin'Andriamanitra na vavaka, dia notahafina tamin'izay nataon'ny Zanak'Isiraely, araka ny *Eksodosy 19, 6 ; 24, 3* sy *Ezra 10, 12*. Saika valinteny tonga ho azy (spontané) izany, manambara ny fiombonan'ny olona amin'ny zavatra nambara, kanefa dia noraisina ho môdely amin'ny fanao ao amin'ny Fiangonana koa tato aoriana. Ny Fiangonana maro dia manolotra Vavaka fifonana efa voarafitra mba hatao, ka misy amin'izy ireny ny arahina valinteny (respons). Isika FPMA dia nametraka safidy maromaro eo amin'ny Vavaka fifonana sy fibebahana fanaontsika: na **vavaka foronin'ny Mpitarika**, na **Vavaka nalaina avy amin'ny fanaon'ny Fiangonana hafa akaiky antsika** (EPUdF, EPAL, FJKM, FLM, sns.), na **Vavaka mangina** (notahafintsika amin'ny fomban'ny Frenjy), fa ao anatin'ny Litorjiantsika dia misy ilay vavaka iombonan'ny vahoakan'Andriamanitra, hoe : « **Ry Rainay be famindrampo ô, mitalaho Aminao izahay : mamelà ny helokay ; diovy izahay ho afa-pahotana, ary sasao madio izahay mba ho afa-keloka. Ny fitiavan'i Jesoa Kristy Tomponay no entinay manao izany vavaka izany. Amena.** ». Mila fifantohan-tsaina lalina (concentration) eo amin'ny Vavaka, koa **tsy dia mety loatra ny manisny zava-maneno (na malefaka aza) mandritra ny vavaka, fa manjary voatarika ho amin'izany ny sain'ny olona**, indrindra moa fa raha fantany sy hainy ilay feon-kira ataon'ny mpitendry zava-maneno eo.

☞ **Na dia mitovitovy aza dia tsy tokony ampifangaroana amin'ny Vavaka manokana enti-manambara fiovampo (prière de conversion) tahaka ny fanaon'ny Fiangonana Évangéliques maro ny Vavaka fifonana sy fibebahana.** Ny « prière de conversion » dia saika ataon'ny olona tsirairay (individuel), rehefa nahatsiaro ny fahotany sy ny toetra ratsy nananany taloha izy, ka mibebaka amin'Andriamanitra ary maneho ny fahavononany hiova tanteraka. Mazava ho azy fa ny vavaka toy izany dia mampiasa ny « izaho » sy ny « ko » (1^{ère} personne du singulier) mandrakariva. Indro misy ohatra iray amin'izany « prière de conversion » izany omeko feno ary tsy nadikako mihitsy araka ny nanaovany azy : « Dieu, je sais que tu es bon et plein d'amour. Tu as créé ce monde merveilleux dans la perfection. A cause du péché, il a été corrompu et attend ton renouveau. Merci d'avoir envoyé Jésus mourir à ma place sur la croix pour le pardon de mes péchés. J'ai dirigé jusqu'à présent ma propre vie et j'ai péché contre toi en ne te reconnaissant pas comme le Dieu de ma vie, mais maintenant je m'en repends et veux la vivre pour toi, veuille m'aider à me consacrer à toi et à vivre pour te plaire. Monte sur le trône de ma vie. Fais de moi la personne que tu désires que le sois. Merci de m'avoir donné la vie nouvelle, sur la terre comme au ciel. Au nom de Jésus-Christ. Amen. »². Mety ho azo ampiasaina hakana aingam-panahy (inspiration) hamoronana Vavaka fifonana sy fibebahana ihany izany, kanefa ezahina araka izay azo atao ny tsy hanasongadina ny an'ny tena manokana (personnel) ao anatin'ny vavaka atao.

☞ **Misy endrika Vavaka Fifonana sy fibebahana tranainy (classique) roa fanaon'ny Fiangonana kristiana ka noraisina araka ny namoronana azy teo am-piandohana.** Mbola ampiasaina foana ireo vavaka ireo mandraka ankehitriny. Ireto avy izany vavaka izany :

² In *Le Libérateur*, p. 196

• **Vavaka fifonana fanaon'ny Églises Réformées.**

Efa fanao hatramin'ny andron'i Calvin, fony izy nitandrina tao Strasbourg (1538), ka izay no nanaovana azy hoe « **Vavak'i Calvin** », kanefa araka ny filazan'ny mpanao tantara dia efa fanao tao Strasbourg talohan'izany io vavaka io. Fantatra koa amin'ny anarana hoe « **Confession de Théodore de Bèze** » io vavaka io, satria raha nihaona tamin'ny mpanjaka frantsay Charles IX tao amin'ny Colloque de Poissy (fampihonana ny teôlôjiana katolika sy Protestanta nikendrena hampihavanana, talohan'ny Guerre des Religions taty Frantsa) io teôlôjiana io, dia niara-nandohalika tamin'ny solontena protestanta rehetra teo anatrehan'ny mpanjaka izy ka io vavaka io no nataony fanambarana ampahibemaso (proclamation) fa tsy fanambaram-pinoana (confession de foi) na fanambarana hafa. Sarobidy loatra amin'ny protestanta frantsay io vavaka io noho izy maneho ny fiainam-bavak'ireo mpitarika azy hatrany am-boalohany. Indro atolotro feno, tsy nadikako izany (misy dikany malagasy ao amin'ny Litorjia FJKM, dia ilay Vavaka 3 ao): « Seigneur Dieu, Père éternel et tout-puissant, nous reconnaissons et nous confessions devant ta sainte majesté que nous sommes de pauvres pécheurs. Nés dans l'esclavage du péché, enclins au mal, incapables par nous-mêmes de faire le bien, nous transgressons tous les jours et de plusieurs manières tes saints commandements, attirant sur nous, par ton juste jugement, la condamnation et la mort. Mais, Seigneur, nous avons une vive douleur de t'avoir offensé: nous nous condamnons, nous et nos vices, avec une vraie repentance ; nous recourons à ta grâce et te supplions de venir en aide dans notre misère. Veuille donc avoir pitié de nous, Dieu très bon, Père miséricordieux, et nous pardonner nos péchés pour l'amour de Jésus-Christ, ton Fils, notre Sauveur.

En effaçant nos souillures, accorde-nous aussi et nous augmente continuellement les grâces de ton Saint-Esprit, afin que, reconnaissant de plus en plus nos fautes, nous en soyons vivement touchés, nous y renoncions de tout notre cœur et nous portions des fruits de justice et de sainteté, qui te soient agréables, par Jésus-Christ notre Seigneur. Amen. »³

• **Ny Kyrie Eleison (Tompo ô, mamindrà fo aminay).**

Loharano roa no ambaran'ny mpikaroka fa nahazoana io vavaka fifonana sy fibebahana io. Efa fanao hatry ny ela tamin'ny andron'ny Fiangonana kristiana voalohany izany, fa **HIPPOLYTE DE ROME** no nametraka azy ho raikitra ao anaty Litorjia voarafitra. Teo am-boalohany dia tao anatin'ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo no napetraka izy io, fa nakisaka indray tato aoriana ka natao tao anaty Fanompoam-pivavahana tsotra.

► Ny loharano voalohany dia ny fivavaky Davida mpanjaka, rehefa nibebaka izy taorian'ny nananaran'i Natana mpaminany azy tamin'ny namonoany an'i Orià Hetita mba hakàny ho azy an'i Batseba vadin'io olona io. Voarakitra ao amin'ny Salamo 51 izany vavaka nataon'i Davida izany, ka ilay teny voalohany anombohana azy no noraisina (amin'ny **Vulgate**, Baiboly teny latina nadikan'i **Saint JEROME** ary tonga Baiboly ôfisialy fampiasan'ny Katolika Romana rehetra dia izao ny fanombohany : « *Kyrie eleisô* »= mamindrà fo amiko). Ny teny latina *elei* dia midika hoe *mamindra fo*.

► Ny loharano faharoa indray dia ny fivavak'ilay mpamory hetra nambaran'i Jesoa tamin'ny fanoharana nataony ao amin'ny Lioka 18, 10 vao notanisaina tetsy aloha.

Na Davida mpanjaka na ilay mpamory hetra dia samy nahatsiaro ny fahadisoany sy ny tsy fahamendrehany ka nitalaho ny famindrampon'Andriamanitra. Zava-dehibe amin'ny vavaka fifonana izany, araka izay efa nohazavaintsika teo amin'ny anton'ny vavaka fifonana sy fibebahana. Fanaon'ny Fiangonana ny mihira io « Kyrie Eleison » io (izany no anarana ilazana azy) ka nampifandraisina tamin'ny Trinite ilay vavaka: - ny andininy voalohany dia « Andriamanitra ô » (fanaon'ny Jiosy rehefa miantso an'Andriamanitra dia tsy manonona mivantana ny anarany fa miantso Azy hoe « Tompo », *Kyrie Eleison* = Tompo ô, mamindrà fo

³ ESPAZE, André, Catéchisme doctrinal, Vie de l'Église, Société Centrale d'Évangélisation, Paris, 1960, p. 89

aminay). Mivantana amin'Andriamanitra Ray ny vavaka amin'izay ; - ny andininy faharoa indray dia fiantsoana an'i Jesoa Kristy : « Kristy ô, mamindrà fo aminay », *Christe Eleison*, toy ny antsoantson'ireo jamba roa lahy nitalaho fanasitranana tamin'ny Tompo (*Matio 8, 27; 20, 30-31*) ; ny andininy fahatelo dia fiantsoana ny Fanahy Masina : « Fanahy Masina ô, mamindrà fo aminay », *Sancte Spirite Eleison*. Natao hira nitalaholaho hampihetsi-po izany hira izany tany aloha, mampahatsiaro ny anatra nataon'i Joela mpaminany hampibebaka ny mponina tao Ziona ka nitenenany tamin'izy ireo, hoe : «Koa na dia ankehitriny aza, hoy Jehovah ; miverena amiko amin'ny fonareo rehetra ary amin'ny fifadian-kanina sy fitomaniana ary fitarainana mafy. Ary ny fonareo no triatriaro, fa aza ny fitafianareo, ary miverena amin'i Jehovah Andriamanitrareo ; fa mamindra fo sy miantra Izy. Mahari-po sady be famindrampo ary manenina ny amin'ny loza... »*Joela 2, 12-13*. Tonga fanaontsika FPMA ny mihira izany isan'Alahady aorian'ny Vavaka fifonana sy fibebahana tononina. Ataontsika misesy ny fomba fihirana azy, toy ny fanaon'ny Loterana, satria efa misy vavaka hafa tononina eo alohany, fa any amin'ny Fiangonana sasany dia elanelaniny vavaka tononina ireo andininy telo ireo.

2. 3. INONA NO VOTOATIN'NY VAVAKA FIFONANA/FIBEBAHANA ?

Ny Vavaka fifonana sy fibebahana dia toy ny fanekem-pinoana (confession de foi) **ambara ampahibemaso sy eo anatrehan'Andriamanitra**. Ny tsy itovizany amin'ny Fiekem-pinoana ao anaty fanompoam-pivavahana dia satria Vavaka izany, ambara amin'Andriamanitra, ka mikimpy isika mba hisian'ny fifantohan-tsaina lalina eo am-panaovana azy.

Ny Soratra Masina dia manome môdely maro momba ny Vavaka fifonana sy fibebahana:

- ***Salamo 38***, nataon'i Davida

- ***Salamo 51***, nataon'i Davida

- ***Salamo 130***

- ***Fivavak'i Ezra*** mpisorona sady mpanora-dalàna, nifona ho an'ireo jiosy nanao hadisoana nanambady vehivavy hafa firenena, araka ny *Ezra 9*.

- ***Fivavak'i Jeremia*** mpaminany, araka ny *Jeremia 14, 7-9*.

Hoy ny fivavaky ny mpanompon'Andriamanitra iray, **Neil ANDERSON**, ohatra iray koa omena ho antsika : « Je prie qu'au cours de cet examen de conscience, tu me rappelles uniquement les personnes auxquelles je n'ai pas pardonné, afin que je puisse le faire (*Matthieu 18,35*). Je prie également que, si j'ai offensé quiconque, tu me rappelles uniquement ceux à qui il me faut demander pardon et que tu me révèles à quel point j'ai besoin de recevoir le pardon (*Matthieu 5, 23-24*). Je te demande cela dans le nom précieux de Jésus.Amen. »⁴ Misy références bibliques hita eo.

Ireto **hevi-dehibe efatra ireto** no tokony ho ao an-tsaina ary **tokony ho hita ao anaty Vavaka fifonana sy fibebahana :**

✱ **Meloka isika (*nous sommes coupables*).**

Tsy mangataka amintsika Andriamanitra mba hitanisantsika amin'ny antsihirany ny fahotana rehetra heverintsika fa mahameloka antsika eo anatrehan'ny. Ampy fotsiny raha toa mahafantatra sy manaiky isika fa mendrika fanamelohana ho faty, ary lova ratsy azontsika ny fahafatesana : « Noho izany dia tahaka ny nidiran'ny ota tamin'ny alalan'ny olona iray ho amin'izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran'ny fahafatesana ka nahatonga ny olona rehetra ho tratry ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra ; fa talohan'ny lalàna aza dia efa nisy ota teto amin'izao tontolo izao, nefa tsy isaina

⁴ *Le Libérateur*, p. 196

ny ota raha tsy misy lalàna ; nanjaka hatramin'i Adama ka hatramin'i Mosesy anefa ny fahafatesana ; eny, na dia tamin'izay tsy nanota tahaka ny nanotan'i Adama aza, izay tandindon'Ilay ho avy. » Romana 5, 12-14. Tsy mikaroka ny hanamarin-tena na hanamaivana ny ratsy nataontsika isika (ne pas nous excuser en cherchant à nous justifier ni essayer de diminuer la gravité du mal que nous avons accompli). Ny fahadisoana heverina fa faran'izay kely ataontsika dia efa mampiseho amintsika fa tsy azontsika ho antsika ny Sitrapon'Andriamanitra (la Volonté de Dieu n'est pas la nôtre). Efa nandika ny Didy voalohany isika ; tsy nataontsika ho Andriamanitra feno sy ampy ho antsika ny Tompo Andriamanitra, fa manangana andriamanitra hafa matetika isika, toy ny vola, ny voninahitra, ary indrindra indrindra ny « izaho » n-tsika (vakio Romana 1, 18-22). Teraka tamin'ny ota isika ary mora mivily hanao ratsy (vakio Salamo 51, 7 ; Ohabolana 14, 22). Efa nandika ny didim-pitiavana koa isika, fa fahotana raiki-tapisaka amintsika foana ny tsy fananana tena fitiavana, ka izay tia antsika ihany no tiantsika hotiavina. **Mora sy mahakinga antsika ny miteny hoe « mamelà ny helokay, tahaka ny namelanay izay meloka taminay », fa sarotra tanterahina izany. Kanefa, izay tena resy lahatra ka vonona hankato ny tenin'Andriamanitra dia omen'Andriamanitra hery hahavita izany.** Tsy mba noresahin'ny filizam-baovao taty Frantsa mihitsy raha niresaka momba an'i Nelson MANDELA ny fifikiran'izany lehilahy izany tamin'ny vavaka sy famakiana ny Tenin'Andriamanitra izay nahazoany hery niaritra ny fampijaliana natao azy tany an-tranomaizina. Hita taratra tamin'ny kabary nataony kanefa izany, ary nasehony ny finivany hanahaka ny Tompo Jesoa Kristy. Tsy mba nanamarin-tena izy, na mety ho nanana ny rariny aza, fa nifona tsy tapaka tamin'Andriamanitra araka ny fijoroana ho vavolombelona nambarany, ary niezaka hiaina ara-bakiteny io hataka iray ao anatin'ny Vavaka nampianarin'ny Tompo io. Nanaitra mafy ny teny nataony raha nikabary izy indray mandeha ary nitaona ny vahoaka afrikana tatsimo « hibebaka sy hifamela heloka ». Hoy izy tamin'izay : « Mankarary bebe kokoa sy manimba ny mpankahala ny fankahalana noho izay ho an'ny olona ankahalainy (« *To be filled with hate is more painful for anybody full of hatred than to someone who is hatred* » - *La haine fait plus de mal et nuit beaucoup à celui qui hait que pour celui qui est haï*-). Mahalasa eritreritra izany, fa tokony hampaharary antsika bebe kokoa ny fankahalantsika sy tsy fitiavantsika ny namana, ny fankalhalantsika sy tsy fitiavantsika an'Andriamanitra ka hanaovantsika izay mampalahelo Azy, noho izay mety ho tsaroan'ny namana ankahalaintsika sy Andriamanitra izay tsy tiantsika. « Raha hoy isika : Tsy manana ota isika, dia mamita-tena isika, ary ny marina tsy ao anatintsika. Raha miaiky ny fahotantsika isika, Izy Izay matoky sy marina, dia mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra. Raha hoy isika : Tsy nanota isika, dia mampandainga Azy isika, ary ny teniny dia tsy ao anatintsika. » 1 Jaona 1, 8-10

✦ **Mangataka famelan-keloka isika (*nous demandons pardon*).**

Tsy mahavonjy tena mihitsy isika. Tsy maintsy mangataka amin'Andriamanitra mba hiantra sy hamindra fo amintsika ary hamela ny helotsika (Il faut que nous demandions à Dieu d'avoir pitié de nous et de nous pardonner). Fa tsy afaka hangataka izany famelan-keloka izany mihitsy isika raha tsy mahatsiaro fahoriana anaty noho ny fahotantsika. Sarotra tokoa mantsy ny manaiky tanteraka fa ratsy isika. Voalazako teo aloha fa te hanamarin-tena foana isika, ary mora ny mitady sy manilika amin'ny hafa ny anton'ny faharatsiana eo amintsika. Hoy ny tenin'ny mpanao salamo ao anaty vavaka fifonana iray : « Fa tsy fanatitra no sitrakao ; raha izany dia nomeko ihany ; ny fanatitra dorana manontolo dia tsy mahafaly Anao. Ny fanatitra ho an'Andriamanitra dia fanahy torotoro ; ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataonao tsinontsinona. » Salamo 51, 16-17. Raha mandinika kely fotsiny dia tokony hahatsiaro isika fa vao mainka mafy kokoa ny mamisavisa lalina sy tsakotsakoin'ny feon'ny fieritreretantsika ao (notre conscience interieure) fa tsy maintsy maty noho ny fahotantsika Jesoa Kristy mba hampitony ny fahatezeran'Andriamanitra sy hamelany ny helotsika.

✘ **Maniry ny hiala amin'ny ratsy ka hibe-baka tokoa isika (*nous voulons nous repentir et renoncer au mal*).**

Raha tena miaiky ny fahotantsika tokoa isika ary mangataka famelan-keloka, dia maniry isika ny hiala amin'ny ratsy manomboka izao. Tsy ampy fotsiny ny miteny hoe : « tsy hamerina fanindroany ny ratsy nataoko intsony aho ». Tsarovy mandrakariva fa tsy vonona mihitsy ny hamotsotra antsika Satana ka mitady izay fomba rehetra hanaovantsika ny ratsy izay tsy sitraky ny fonsika. Tsapan'ny apôstôly Paoly izany araka izay nambarany ao amin'ny Romana 7, 18-23. Tsy maintsy mangataka ny fanampian'Andriamanitra isika. Ny Fanahy Masina irery ihany no mahatonga antsika hanjary hahatsiaro rikoriko eo anatrehan'ny ratsy, ka manome antsika hery izy hahafahana manohitra izany sy miverina amin'Andriamanitra. Ny mihemotra amin'ny finoana (apostasie), hoy ny apôstôly Paoly, dia « manaiiky fanahy mamitaka sy fampianaran'ny demonia, amin'ny fihatsarambelatsihin'ny mpilaza lainga izay voapetaky ny vy mahamay ny fieritreretany » 1 Timoty 4, 1-2. Tsy vitan'ny fisehoana ivelany ny fibebahana fa tsy maintsy miainga avy ao anaty tokoa, fa raha tsy izany dia fihatsarambelatsihy ihany. Vakio ny Matio 15, 11-18; ampitahao amin'ny 1 Timoty 4, 4-5.

✘ **Mino isika fa mamela heloka antsika Andriamanitra (*nous croyons que Dieu nous pardonne*).**

Sanatria tsy toy ny fanao amin'ny filalaovana tantara tsangana (théâtre) na sarimihetsika (cinéma) ka ezahina ny hampiseho ny mody tena izy (comédie) hampifalifaly ny mpijery, fa raha tena mibebaka marina isika dia tsy maintsy mino sy matoky marina tokoa fa mamela heloka Andriamanitra ary hanatanteraka ho antsika ny toky sy fampanantenana nomeny ao amin'ny Teniny voarakitra ao anaty Soratra Masina (nous devons croire et mettre toute notre confiance dans les promesses que Dieu nous donne dans la Bible). Na dia ny fahotantsika faran'izay ratsy tokoa aza dia avelany tanteraka rehefa tena mifona sy mibebaka Aminy isika (nos fautes même les plus graves sont pardonnées). Hoy ny Mpitarika ao amin'ny Litorjiansika rehefa hanambara ny TENEY SOA MAHAFALY FAMELAN-KELOKA ho antsika : « Ho antsika izay nibebaka marina tokoa, mitsangàna ka raiso ny Teny famelan-keloka atolotr'Andriamanitra antsika ». Aorian'ny Teny avy ao amin'ny Soratra Masina dia faranany izany amin'ny hoe : « Voavela ny helokareo noho ny anarany masina. Haleloia ! Miderà an'Andriamanitra ! ». Tsy misy vavaka fifonana atao intsony ao anaty Litorjia, afa-tsy ny ampahany kely voalaza tery aloha, tsy azo sarahina fa voarakitra ao anatin'ny Hataky ny Tompo. Ny aretina manimba ny fiainam-bavaka dia ny fahazarana fotsiny (Le mal qui ronge la piété est l'habitude). **Tena fanaovana tsinontsinona ny Tenin'Andriamanitra ny mamerimberina indray ao anaty Litorjia fangatahana famelan-keloka, rehefa avy nambara araka ny Tenin'Andriamanitra fa « Voavela ny helotsika ! ».**

Brétigny-sur-Orge, 19 novembre 2014

© Rev. Dr Jean A. RAVALITERA